# Fampianarana momba ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20

## Fizarana 1: Ireo fepetra takina amin'ny firotsahana amin'ny batisa

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 mba hitadiavana izay tsy maintsy ataon'ny olona iray mba ho mendrika ny hatao batisa.

Raha ilaina dia tadiavo ny famaritana ny teny tsy azonao. Avy eo tanisao eo amin'ilay faritra etsy ambany ireo fepetra takina amin'ny firotsahana amin'ny batisa. Azonao atao ny mamerina ny sasany amin'izy ireo amin'ny alalan'ny teninao manokana.

- Inona no ampianarin'ireo fepetra takina ireo anao mikasika ny Tompo sy ny zavatra iriny ho antsika?
- Nahoana no mety hahasoa ny fitadidiana ireo fepetra takina ireo na dia aorian'ny batisantsika aza?

Misafidiana fepetra takina roa na telo izay voatanisa ao amin'ny andininy 37. Ifanakalozy hevitra hoe nahoana no mety hanampy anao ho tonga tahaka ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy kokoa ny fiezahana tsy tapaka hanatanteraka azy ireo.

## Fizarana 2: Ireo fepetra takina aorian'ny batisa

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:68–69 mba hitadiavana ireo zavatra andrasan'ny Tompo amintsika tsirairay aorian'ny nanaovana batisa antsika.

- Inona no zavatra ianaranao avy ao amin'ny andininy 69 mikasika ny fomba hanehoantsika amin'ny Tompo ny fahamendrehantsika aorian'ny batisantsika?

Hevero ny hanisy marika ny andian-teny hoe "ny fandehanana sy ny firesahana araka an' Andriamanitra" ao amin'ny andininy 69. Afaka mampiseho "ny fandehanana sy ny firesahana araka an' Andriamanitra" ny olona iray amin'ny alalan'ny zavatra atao sy ny toetra ary ny teny mifanaraka amin' Andriamanitra.

- Inona, araka ny eritreritrao, no sasany amin'ireo antony hitiavan'ny Tompo mba hanehoan'ny mpikamban'ny Fiangonany "ny fandehanana sy ny firesahana araka an' Andriamanitra" rehefa vita batisa izy ireo?

Mifanakaloza hevitra mombana ohatra telo manokana farafahakeliny mikasika ny fomba ahafahantsika maneho "ny fandehanana sy ny firesahana araka an' Andriamanitra" eo amin'ny fiainantsika. Azonao atao ihany koa ny mifanakalo hevitra momba ireo fomba niezahanao nampiseho izany teo amin'ny fiainanao manokana.

## Fizarana 3: Fandraisana ny fanasan'ny Tompo

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:75 mba hitadiavana ny torolalan'ny Tompo momba ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo.

- Nahoana, araka ny eritreritrao, no tian'ny Tompo hiara-hivory isan-kerinandro isika mba handray ny fanasan'ny Tompo?

Ny andininy 77 sy 79 dia mirakitra ireo vavaka nasain'ny Tompo hataon'ireo mpihazona ny fisoronana rehefa manamasina ny fanasan'ny Tompo. Amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo, isika dia manavao ny fanekempihavanana izay nataontsika tamin'ny fotoana nanaovana batisa sy nandraisana antsika ho mpikambana. Rehefa miezaka mitandrina ny fanekempihavanantsika sy mibebaka isan'andro isika dia afaka miaina ilay fanadiovana sy ilay fitahiana izay niainantsika tamin'ny alalan'ny batisa.

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77 sy 79, mba hitadiavana ny zavatra ampanantenaintsika sy izay ampanantenain'ny Tompo rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika. Hevero ny hanisy marika ireo fampanantenana ireo ao amin'ny soratra masinao.

- Ahoana no ahafahantsika maneho ny fahavononantsika hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika?
- Inona avy ireo fomba sasantsasany ahafahantsika mampiseho amin'ny Mpamonjy fa mahatsiaro Azy isika?

Ahoana no hanehoan'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ny fitiavan'ny Mpamonjy antsika sy ny famindram-pony?

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_112-1